
# ALAHADY 01 fiaviana TAONA -D-2024



## « Miandrandrà ka asandrato ny lohanareo, fa efa akaiky ny fanavotana anareo »

Ry Kristianina havana, nankalaza an'i Kristy mpanjaka isika tamin'ny Alahady lasa teo izay namaranantsika ny taona litorjika ary izao Alahady izao no hanombohantsika ny volana desambra volana hamaranantsika ny taona 2024. Izao Alahady voalohan'ny Avent izao no idirantsika amin'ny taona litorjika vaovao, Taonan'i Md Lioka satria ny Evanjeliny no hobanjinintsika manokana amin'ity taona D ity. Md Lioka izay mampisongadina bebe kokoa mikasika ny famindrampon'Andriamanitra sy i Masina Maria. Mandritra ny taona isika no handalina izany.

| |
|---|
| Vakiteny I : Jer. 33, 14-16<br>Tononkira : Salamo 92<br>Vakiteny II : 1 Tes. 3, 12 — 4, 2<br>Evanjely : Lk. 21, 25-28. 34-36 |

Faly sy ravo miarahaba antsika amin'izao taona vaovao litorjika izao izay taona ho entintsika Olo Araiky Jiaby, Fratelli Tutti miatrika ny Sinaodin'ny diosezy izay miara-dalana, Sinaody faha-7, fijanonana faha-3, 3ème session, raha ny Sinaody Erantany kosa efa vita ary efa nivoaka ny Document Final. Izao ihany koa no mampiditra antsika tanteraka amin'ny TAON-JOBILIN'NY FAMONJENA KA MAHATONGA ANTSIKA HO MPIVAHININ'NY FANANTENANA ISIKA JIABY.

Io maha-mpivahinin'ny Fanantenana antsika io ary vao avy nankalaza ny KEN 2024 izay nampisongadina fa I Jesoa no Fihavanana manasitrana antsika ka mahatonga antsika ho fianakaviana raiky, ho Olo Araiky, ho Fratteli Tuttti manosika antsika HIFANASOA HIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Vokatr'izany zary Iraka Tabernakla velona isika tahaka an'i Masina Maria.

Manantena tokoa àry isika fa ho fiaingana vaovao, Pantekoty Vaovao ho an'ny diosezintsika izao taon-jobily iarahantsika manatanteraka izao miaraka amin'ny Sinaody. Ny irina dia ho samy ho "OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ìsika ka na dia mafy ny rivotra mety handrendrika dia tsy matory ny finoantsika fa mandroso hatrany ny sambom-piainantsika. Mivahatra amin'I Kristy isika ka zary kristianina velona satria ny teny hoe Kristianina dia avy amin'i Kristy ka tahaka an'I Kristy isika kristianina tsy hoe mpitory Vaovao Mahafaly fotsiny fa mpamafy fiadanana sy fanantenana amin'ny toerana rehetra misy antsika amin'izao andro sarotra izao.

Izany no ezaka tsy maintsy ataontsika ka mampirisika antsika hirotsaka bebe kokoa amin'ny fanantanterahana izao Sinaody izao izay fotoana hifampitraofana. Antsoina isika jiaby na dia ireo tsy vita batemy aza. Izao ny fotoana hifampihainoana, hifampitandrinesana ka hiezaka hamaky ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika isika, izany hoe ireo mandrafitra ny fifandraisana amin'ny zava-boary, eo amin'ny isika samy isika, ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Ny tanjona dia ny hirosoana lalindalina kokoa amin'ny fiombonana, hanana fiainana eokaristika ka hahatonga antsika ho tena mpandray an-tànana. Mitaky fiovam-penitra mahery vaika "changement radical de comportement" ny vokatry ny fibebahana. Ny manosika antsika haneho izany fibebahana izany dia ny firotsahana eo anivon'ny fiaraha-monina mba ho TABERNAKLA VELONA mitondra an'i Kristy. Isika tokoa no Kristy Mpiarabelona amin'ny olona amin'izao.

Izao taona litorjika vaovao izao no angatahintsika ny tsodranon'Andriamanitra sy ny fahasoavany hahatonga antsika ho génération des bâtisseurs, ho taranaka mpanorina, ho EOV, ho Eglizy Olo velomin'ny Batemy ka zary Tabernakla velona. Hanomanantsika ny fiavian'I Kristy izany rehetra izany.

Fiaviana no iantsoantsika ny AVENT, raha dinihina dia misy fomba fiatrehana izany fiaviana izany, averimberintsika matetika fa ny fankalazana ho antsika dia tsy hoe mahatsiaro fotsiny fa mivelona no sady miaina noho ny asan'ny Fanahy Masina. Misy ny fomba telo azo hiatrehana ny AVENT.

Ny fiaviana voalohany izay velomin'ny Tenin'Andriamanitra hiainantsika eo anivon'ny Eglizintsika izay mahatonga antsika mamerimberina fa sady mamaky no mivelona ny Tenin'Andriamanitra isika, ho mpanambara ny tenin'Andriamanitra isika amin'ny fiainantsika. Na dia efa 2000 taona lasa aza ny fiaviana omanintsika amin'izao avent izao dia eto anivontsika tokoa ny Tompo ary mivelona amin'ny alalan'ny Sakramenta sy ny teniny isika. Tena misongadina manokana ity dikan'ny Avent ity amin'izao taon-jobily izao ka mahatonga antsika manao  fivahinianana masina hanehoantsika ny finoantsika ary indrindra handraisantsika fahasoavana feno sy manokana dia ny indulgence plenière. Sokafan'i Papa amin'ny andron'ny Noely ny any Roma fa ny antsika kosa amin'ny alahadin'ny Fianakaviana Masina eto amin'ny Katedraly araka ny torimarika avy any Roma.

Ny fiaviana faharoa dia amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra sy Sakramenta ka hiainantsika amin'izao fotoana izao. Ireo no mamelombelona ny fiainantsika ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona, ho Kristianina, ho taranaka mpanorina tokoa.

Ny fiaviana fahatelo dia ilay amin'ny ho avy izay hibanjinintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny atolotry ny Eglizy amintsika amin'izao Alahady voalohany amin'ny Fiavian'ny Tompo izao, izao Avent izao. Jesoa ho avy amin'ny fomba manetriketrika.

Ny tenin'Andriamanitra voalohany bokin'i Jeremia mpaminany : *"Amin'izany andro izany, sy amin'izany fotoana izany, hampitsimoka solofo marina ho an'i Davida Aho, izay hitsara araka ny hitsiny sy ny rariny amin'ny tany. Amin'izany andro izany i Jodà, hovonjena ary i Jerosalema handry feizay, ka hantsoina hoe: Tompo-fahamarinantsika."* Tsy iza io voalaza io fa I Kristy Tenin'Andriamanitra. Ny fiaviana dia ao anatintsika, ao am-pontsika ao ny Tenin'Andriamanitra mitsiry ka mivelatra, rehefa mivelatra izy dia mahatonga antsika ho mpanorina izany hoe hametraka izany fanjakan'Andriamanitra izany eo anivon'ny fiainantsika andavanandro ka ho tanteraka ilay Jerosalema. Fantantsika fa Jerosalema dia ilay tanana masina, tananan'ny fiadanana. Rehefa tonga eo anivontsika I Jesoa dia tanteraka ilay Jerosalema satria mivelatra ny fiainantsika miaraka amin'I Jesoa ka zary fiadanana sy masina ny fiainantsika. Izany ny faniriantsika hahatonga antsika ho taranaka mpanorina.
Ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjely fa efa akaiky tokoa ny fanavotana satria rehefa mitsimoka ao amintsika i Jesoa ka mivelatra izy dia tanteraka eo amintsika ireo fanavotana ho entin'i Jesoa izany. Izay tsy inona fa ilay fifandraisana vaovao eo anivon'ny zava-boary ka tsy mpifahavalo izany isika fa mivelona ny vokasiona hatramin'ny voalohany dia ny mikolokolo, manasoa ka hasoavin'ny zavaboary. Toraka izany koa misy fifandraisana vaovao eo amin'ny samy olombelona ka afaka mifanasoa sy mifampitsimbina satria tena mpiray tampo tokoa. Misy fifandraisana vaovao ihany koa ny Fampihavana nentin'I Kristy eo amin'Andriamanitra sy ny Olombelona.

Araka izany dia tsy fanavotana araky ny fihevitr'izao tontolo izao fa fanavotana mitondra fiadanana, mitondra hafaliana, mitondra hasambarana sy fiombonana ka izany no fanavotana ho antsika satria zary fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra isika satria Olo Araiky ao Aminy ka Izy manafaka antsika amin'ny loza rehetra.

Raha ambara amin'ny teny hafa dia io ny fanantenana entin'ny fankalazana ny "Avent". Feno fanantenana isika satria Andriamanitra tsy lavitra intsony ny Andriamanitsika, eo anivontsika izy mitantana antsika. Izany no ambaran'I Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa ho an'ny Tesalosianina *"Hankahery ny fonareo anie Izy, ary hiaro azy tsy hanan-tsiny amin'ny fahamasinana eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika, ho amin'ny fahatongavan'i Jesoa Kristy Tompontsika mbamin'ny olomasiny rehetra. Amen."*

Izany fankaherezana izany no manosika antsika handresy ireo mety ho misakana ny fahatongavan'ny Tompo, eo anivontsika araky ny fantatsika dia ny fahotana. Io no vato misakana voalohany. Izao fotoana izao no andro tsara andresentsika ny fahotana izay manapotika ny fiainantsika, manapotika ny tontolo iainantsika, manalavitra antsika amin'Andriamanitra. Matetika isika tsy miraharaha ny zava-boahary manodidina antsika ka hanao ezaka isika amin'izao Avent izao hanarina ny tontolo iainana mba ho mpanorina ny tontolo iainana vaovao mba ho diosezy maintso tokoa araky ny averimberina ny diosezintsika. Izao fotoanan'ny mahalegny izao no fikarakarantsika izany, izao fotoana izao no manampy antsika handray ny Tompo izao vanim- potoana ny fiaviana izao. Manomboka amin'izao sinaody izao no hanambarantsika fa vonona tokoa amin'ny fiovam-penitra mahery vaika isika, changement radical de comportement dia aoka isika samy vonona hiaro ny zava-boary, ireo ala kely manodidina antsika. Sady hiaro isika no sady samy hiezaka hamboly kakazo mba ho diosezy maintso tokoa ny diosezintsika. Anisan'ny fiomanana amin'ny fahatongavan'ny Tompo ny fiarovana ny zava-boaary. Misy ezaka angatahako manokana amin'isam-pianakaviana ankoatry ny fambolena kakazo ny fambolena manga amin'ny tokontanintsika jiaby. Maninona? Mampalahelo ny mahita manga atao

hazomaty!!!

Eo koa ny fahotana manapotika ny tontolom-piainantsika dia ny lainga, ny fitapitaka, ny tsy fahaizana mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny fianakaviana, ka izao Avent izao no aoka hanampy antsika hanarina ny fiainantsika. Milaza miara-mahita isika fa tena potika tokoa ny tontolom-piainantsika. Tsara hiverenantsika amin’izao Avent izao ny taratasy nalefan’ny Justice et Paix sy ny hafatry ny Eveka teo : Onena I Jesoa mahita antsika ao anatin’ny krizy mafy”….Tena mikiky ny fahantrana. Manomboka eo anivon'ny fianakaviana isika no manavao ny tontolom-piainantsika mba ho tontolo misy an'Andriamanitra, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, ny marina, ny fifankatiavana, ny fihavanana marina tsy misy fitaka dia ho tena taranaka mpanorina tokoa isika. Manasa antsika amin’ny Avent mba samy hanao ezaka hamonjy ny dinika rehetra mikasika ny Sinaody fijanonana faha 3 handalinana ny tontolom-piainantsika indrindra ny sôsialy. Fibebahana lehiba raha vitantsika.

Eo koa ny tontolom-pinoana anjakan'ny fahotana, manapotika ny ain'Andriamanitra isika, mamono ny aina isika. Andriamanitra mamelona ka amin'izao fiomanana amin'ny Avent fiavian'ny Tompo izao dia enga anie ny fanantenantsika, ny hery nomen'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny fibebahana ataontsika hirosoantsika bebe kokoa amin'ny fiainam-baovao entin'izao fiavian'ny Tompo izao. Aoka ho samy ho vonona hiaro ny ainantsika. Samia isika hahay hanararaotra izao vanim-potoanan'ny Avent izao mba hihavao tokoa ka ho feno fanentanana ny fontsika, ho fenoin'Andriamanitra ny fitiavany ny fontsika ka ho fiainam-baovao ao amin'I Kristy tokoa ny fahatongavany.

Taombaovao litorjika isika. Hamakivavaky ity taona vaovao ity isika. Enga anie hametraka tontolom-piainana mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana isika ka hifanasoa sy hifampitsimbina satria mpiray tampo tokoa.
Efa eto amin'izao tontolo izao ianao ry Kristy ary fantatray izany eo anivon'ny Eglizy. Ianao no banjininay sy raisinay amin'ny alalan'ny Teninao sy ny Sakramenta ka ampio izahay hahay miomana bebe kokoa amin'izao dianay mankany amin'ny Noely izao, hitombo fitiavana izahay, hampanjaka ny marina izahay, handresy ny ratsy ka mba ho taranaka mpanorina tokoa, mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra ary ho Eglizy Olona velona izahay eo anivon'ny fiainanay andavanandro, eo anivon'ny fiaraha-monina. Miara-miatrika izao sinaody izao izahay ka mitodika aminao. Arotsahy ny Fanahy Masina hanoro ny marina amin'ny dinika ataonay. Fantatrao ny fahalemenay, ka aza avela hiorim-paka ny fanakorontanana eto aminay. Aoka izahay handresy izay mety hitarika anay amin'ny lalan-dratsy sy fitsitokotokoana. Aoka hahay hiombona ao aminao izahay ka hiara-mizotra mankany amin'ny fiainana hahitana ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra. Masina Maria Reny manomboka izao taom-baovao izao izahay ary miatrika izao sinaody izao ka tantano ny dianay ho any amin'I Jesoa, ampio izahay hahay handray Azy tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany, Mpiaro ny fianakaviana masina, mivavaha ho anay mba ho eglizy kely mifampitsimbina sy mifanasoa tokoa anie ny fianakavianay ka hiadam-pinaritra ho feno fanantenana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson